


## ALAHADY FAHA 32 MANDAVANTAONA - A



### **ITY TANY ITY FANDALOVAM-BAHINY**

Ry Kristianina havana, efa manakaiky tokoa ny famaranana ny taona litorjika izay mampianatra antsika hahay hibanjina sahadry ny hoavy, hahay hiomana amin'izay hoavy izay satria fandalovana tokoa ity tany ity, tsy ity ny fihafarantsika fa fiomanantsika amin'ny tena fiainana ary fantatsika fa amin'ny maha voaary antsika dia tsy maintsy misy fiafarana isika. Andriamanitra irery izay mpahary no tsy misy fiafarana ka noho izany dia misy farany isika

olombelona. Izany indrindra no tian'ny Eglizy ho tsapantsika ka amin'izao Alahady faha 32 mandavantaona izao dia ampianarany isika amin'ny alalan'ireo vakiteny handalina tsara kokoa ary hifikitra amin'izay tena fahendrena marina dia ny fahendrena izay tsy inona fa ny fahaizantsika mijery ny hoavy izany. Izany no mahatonga

antsika matetika mamerimberina hoe niany ny hoavy fa tsy amaray. Raha haintsika tokoa ny mametraka izao andro iainantsika izao dia izay ataontsika amin'ny andro iainantsika izao no tsy maintsy hanomanantsika ny hoavy, izany hoe raha mieritreritra ny hoavy isika dia tiantsika ho feno hafaliana, ho feno hasambarana, ho feno fiadanana izany hoavintsika izany ka dieny androany no tsy maintsy mamolavola hoe "inona marina ny fiadanana ho ahy, inona ny fahasambarana ho ahy, inona ny lamina mandrakizay ho ahy"

Vakiteny I : Fah. 6, 12-16

Tononkira : Salamo 62

Vakiteny II : 1 Tes, 4, 13-18

Evanjely : Mt. 25, 1-13

Ny tena fahendrena dia ny fahaizantsika mandinika an'izany rehetra izany, ary tsy hoe mandinika fotsiny fa dieny izao mandrafitra an'izany. Arakaraky ny fahaizanao mandrafitra an'izany hoavy dieny izao no afahanao ihany koa miditra sy miana ary mivelona dien'izao na dia tsy lavorary aza ny fiadanana sy ny hasambarana ary ny hafaliana.

Ry Kristianina havana, ny fotom-pampianarana tian'ny Eglizy atolotra ho antsika amin'izao Alahady faha 32 mandavantaona izao ary tafiditra tsara amin'izao taona fandalinam-pinoana ka hahatonga antsika ho Kristy mpiara-belona amin'olona. Raha feno an'I Kristy tokoa isika dia manomana an'izany fiombonana tanteraka amin'i Krisity izany sy ny fiainan-ko avy ary zary Kristy Mpiara belona amin'ny olona eto an-tany. Efa santarintsika amin'ny fivelomanana ny maha-Kristianina antsika ny fiainana miaraka amin'i Kristy amin'ny hoavy ka hahatonga ny olona hahatsapa fa izany tokoa ny lalan-kombana satria i Kristy no lalana sy fahamarinana ary fiainana. Izany no ambaran'ireo vakiteny androany ary izany no tena fahendrana.

Ny vakiteny voalohany ao amin'ny bokin'ny fahendrena : "*ny fahendrena dia mampiratra dia tsy mety makotra hatsarana, mora mahita azy ny olona raha tia azy izy ary mora mahazo azy raha mitady*" Izany no mahatonga antsika àry dieny izao mivelona ny hoavy izay satria raha mitady an'i Kristy izay fahendrena sy lalana ary fahamarinana dia ao anatin'ny hasambarana. Izay mahita ny lalan-kombana sy mahita ny marina no hendry, izy ireo no mahita ny fahasambarana, izany no harena ary ny fiainana, i Kristy no fiainana, izany ho tena hasambarana raha mahita ny fiainana tena izy miaraka amin'i Kristy.

I Jesoa ao amin'ny Evanjely raha manao ny fanoharana ny virjiny hendry sy ny virjiny adala dia mananatra antsika tokoa hahay hametraka ny hoe niany ny hoavy raha mahay mikolokolo sy mikarakara ny fiainantsika sy ny tranobe iombonantsika isika. Izany no mahatonga antsika mamerina matetika ilay hafatra tamin'ny JMJ ho génération mpanorina isika fa tsy mpandrava, hitantsika izany androany amin'ny Evanjely.

Ny virjiny adala varimbariana amin'izao fianan'izao tontolo izao ka mandrava, potika ny solika teny an-tànany, izany koa no hitantsika amin'ireo doro ala sy tevy ala ataontsika, varimbariana amin'ny androany, manapotika ka rehefa tonga ny fotoan'ny haintany eo izay vao mitolagaga. Indrisy efa migadra ny ho avy amin'izay ka zary feno nenina ny fiainana Ny virjiny hendry kosa ny génération mpanorina tsy mitsahana mikarakara sy mikolokolo ny manodidina azy ka rehefa tonga ny mpampakatra dia ao anatin'ny hafaliana. Aoka ho mpamokatra, ho mpanorina isika fa tsy mpandrava ho mpamokatra arak'izay sitrak'Andriamanitra fa tsy araka izao tontolo izay entanin'ny fitiavantena ka tsy mizaha ny hafa. Izany dia Mbola manohy ny hafatra tamin'ny Alahady lasa teo isika, ho mpanorina anie isika fa tsy mpandrava na mpanakorontana, tsy mpanao herisetra na mpanapotika fa kosa ho mpanarina ka raha tonga ny mpampakatra, mitsangana ny hendry. Io no lazaintsika hoe izay manao ny marina no Hendry ary ny fahamarinana no maha olona afaka antsika.

Ry Kristianina havana, aoka àry isika hahay hanararaotra izao fiainantsika izao, fanorenana fa tsy hoe sanatria fanararaotana hanapotika araky ny hevitr'izao tontolo izao. Hitantsika

amin'ireo virjiny adala varimbariana fotsiny, aoka isika hikarakara dieny izao ny fiainan-koavy izay.

Manafatra antsika i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa, taratasy ho an'ny Tesalosanina, mananatra antsika izy, aoka tsy ho varimbariana isika " *Ry kristianina havana, tsy tianay ny tsy hahafantaranareo ny amin'izay efa nody mandry, sao dia malahelo toy ny sasany tsy manam-panantenana koa ianareo. Fa araka ny inoantsika an'i Jesoa ho efa maty sy nitsangan-ko velona no hitondran'Andriamanitra an'izay nody mandry hiaraka aminy koa, amin'ny alalan'i Jesoa.*" Raha dieny izao isika ry Kristianina havana mivelona ny finoantsika izany hoe ny fiainantsika manontolo dia fiainana miaraka aminy sy amin'ny alalany ary ao aminy dia efa mitondra antsika sahady amin'ny fiainan-ko avy, izay ilay solika izay tsy mety lany ary fantantsika fa ny solika dia angovo sy hery manampy antsika, io no aina mamelona antsika ka i Jesoa izay aina izay, amin'ny alalany sy miaraka aminy no handraisantsika ny sakramenta ; ny Batemy, ny Fampihavanana, ny Eokaristia, ny Fankaherezana izay hivelomana ny maha Kristianina antsika ka raiso izy ireny satria hanomana antsika dien'izao ny fiainan-koavy. Aoka hanana solika feno isika mandraikaira izany hoe feno ny Fahasoavan'Andriamanitra mandrakariva ka na dia tonga tampoka ny mpampakatra dia efa vonona isika miditra ao amin'ny fiadanana sy hafaliana ary hasambarana. Tsy amin'izay ihany fa dieny izao isika dia efa mivelona an'izay satria izany no maha-Kristy mpiara-belona amin'olona antsika.

Ry Kristy zokinay ô,tsy mitsahatra tokoa ianao no miantso anay hanatona anao, koa enga anie izahay tsy ho varimbariana amin'ny rendrarendran'izao tontolo izao fa indrindra ny tanora ka haka tahaka an'ireny virjiny adala ireny fa enga anie izahay ho tahaka ny virjiny hendry hahay hameno mandrakariva ny solikanay dia tsy inona fa ny Fanahinao masina hanentana anay ary Fahasoavanao vokatry ny sakramenta raisinay hanampy anay ka ho vonona mandrakariva anie izahay handray anao rehefa tonga ianao ka hampiditra anay amin'ny tena fiadanana sy hasambarana mandrakizay ao aminao. Amen

Mompera Arserveka Mgr Benjamin Ramaroson